# “Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana”

TESTAMENTA VAOVAO: BOKY TOROLALANA HO AN’NY SEMINERA

### I Jesoa Kristy no “lalana sy fahamarinana ary fiainana” (Jaona 14:6)

Vakio ny Jaona 14:1–6 ary tadiavo ny fomba nanomezan’ny Mpamonjy fampanantenana fa hanampy ireo izay manaraka Azy.

- Inona avy ireo fahamarinana nampianarin’ny Mpamonjy ao amin’ireo andininy ireo?
- Ahoana no niantsoan’ny Mpamonjy ny tenany ao amin’ny andininy faha-6?
- Inona no ampianarin’ireo anarana fiantsoana ireo anao momba an’i Jesoa Kristy sy ny fifandraisanao Aminy?

Raha toa ianao ka namorona ny lisitr’ireo anarana fiantsoana an’i Jesoa Kristy sy ireo anjara asany isan-karazany tao amin’ny lesona teo aloha dia azonao atao ny manampy izany amin’ireo zavatra hitanao ao amin’ny Jaona 14. Ny Bokin’i Môrmôna dia afaka mampitombo ny fahatakaranao ny zavatra izay ianaranao ao amin’ny Testamenta Vaovao. Vakio ny Môzià 3:17 ary eritrereto ny fomba hanampian’io andininy io antsika hahatakatra bebe kokoa ny Jaona 14:6. Ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, izay tao amin’ny Fiadidiana Voalohany tamin’izany, dia nampianatra hoe:



> Tian’ Andriamanitra ianao hahita ny lalanao miverina mankany Aminy, ary ny Mpamonjy no lalana [jereo ny Jaona 14:6]. Tian’ Andriamanitra ianao hianatra amin’i Jesoa Kristy Zanany ary hiaina ilay fiadanana sy fifaliana lehibe izay azo amin’ny fanarahana ny lalana izoran’ny mpianatry ny Tompo. (Dieter F. Uchtdorf, “Mandray Fijoroana ho vavolombelona momba ny Fahazavana sy ny Fahamarinana,” *Liahona*, nôv. 2014, 21)

- Oviana ianao, na ny olona fantatrao, no niaina ilay fiadanana sy fifaliana lehibe izay azo avy amin’ny fanarahana an’i Jesoa Kristy?

Mba hahitana ohatra iray momba ny olona iray izay nahita ny Mpamonjy ary notahiana noho ny fanarahana Azy, dia jereo ny horonan-tsary “Jesus Christ Is the Way ( Jesoa Kristy no lalana)” (5:02) raha azo atao, izay hita ao amin’ny ChurchofJesusChrist.org.

- Inona avy ireo fomba vitsivitsy ahafahantsika manaraka ny Mpamonjy mba hiverenana any amin’ny Ray any An-danitra?
- Ahoana no ahafantarantsika raha toa ka eo amin’ny lalana marina isika?

### Jesoa Kristy no voaloboka (Jaona 15:5)

Nampiasa fampitahana i Jesoa Kristy hampianarana ny mpianany mikasika ny fifandraisan’izy ireo Aminy. Vakio ny Jaona 15:1–11 ary tadiavo izany fampitahana izany. Raha toa ianao ka namorona ny lisitr’ireo anarana fiantsoana an’i Jesoa Kristy sy ireo anjara asany isan-karazany tao amin’ny lesona teo aloha dia azonao atao ny manampy izany amin’ireo zavatra hitanao ao amin’ny Jaona 15.

- Inona araka ny eritreritrao no ampianarin’i Jesoa Kristy amin’io fampitahana io?
- Inona no fahamarinana azonao ianarana avy amin’io fampitahana io momba ny fifandraisantsika amin’i Jesoa Kristy?

Ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo dia nanazava fa ny fanasan’ny Mpamonjy mba hitoetra ao Aminy dia fanasana ho antsika “hitoetra, mba . . . hijanona *mandrakizay*” (“Demeurez en moi,” *Ensign* na *Liahona*, mai 2004, 32). Nanazava ny antony maha-zava-dehibe ho antsika ny manaiky ny fanasan’ny Mpamonjy mba hitoetra ao Aminy ny Loholona Holland. Azonao atao ny mijery ilay horonan-tsary “Demeurez en moi” manomboka eo amin’ny mari-potoana faha-13:26 ka hatramin’ny 14:23, na vakio ity teny nambara manaraka ity.



> Hoy i Jesoa hoe: “Fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona” [Jaona 15:5]. Mijoro ho vavolombelona aho fa izany no fahamarinana avy amin’ Andriamanitra. I Kristy dia zava-drehetra ho antsika ka tokony “hitoetra” ao Aminy mandrakariva isika, tsy voahozongozona, amim-pahatokiana, mandrakizay. Mba hampitsiriana ny voan’ny filazantsara sy hitahian’izany ny fiainantsika dia tsy maintsy mifamatotra Aminy mafy isika, dia ny Mpamonjy antsika rehetra, ary amin’ny Fiangonany, izay mitondra ny anarany masina. Izy no voaloboka izay loharanon-kery tena izy ho antsika ary ilay hany loharanon’ny fiainana mandrakizay. Tsy haharitra fotsiny isika ao Aminy fa hahery sy handresy ihany koa amin’ity asa masina izay
> tsy handiso fanantenana antsika velively ity. (Jeffrey R. Holland, “Demeurez en moi,”
> *Ensign* na *Liahona*, mai 2004, 32)

Ny Bokin’i Môrmôna dia afaka manampy anao hampitombo ny fahatakaranao ny zavatra ianaranao ao amin’ny Testamenta Vaovao. Vakio ny Almà 26:12, ary eritrereto ny ifandraisan’izany amin’ny Jaona 15:1–11.

- Inona avy ireo voa vitsivitsy (vokatra na fitahiana) hitanao teo amin’ny fiainanao rehefa niezaka ny hitoetra ao amin’i Jesoa Kristy ianao?
- Inona avy ireo zavatra azonao atao mba hanampiana anao hitoetra ao amin’i Jesoa Kristy?

NY FIANGONAN’ I
JESOA KRISTY
HO AN’ NY OLOMASIN’ NY
ANDRO FARANY

© 2023 an’ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *“I Am the Way, the Truth, and the Life.”*
Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.